Un projet mis en œuvre par Gender Links

Ce projet est financé par l'Union Européenne

TATITRA DINGANA FAHAROA: FANADIHADIANA IFOTONY

Firenena: MADAGASIKARA
Kaominina: RAMENA
Famintinana ny toe-java-misy eo amin'ny kaominina RAMENA:

19 kilometatra avaratra atsinanan'Antsiranana no misy an'i Ramena. Manana fokontany 5 (Ramena, Ankorikakely, Ivovona, Andavakoera ary Betahitra)
4096 ny isan'ny mponina tamin'ny taona 2008 ary 5856 tamin'ny taona 2013 ka 2859 ny vavy ary 2997 ny lahy mipetraka amin'ny velaran-tany 102 Km2.

Tanjak'ilay kaominina eo amin'ny fampidirana ny miralenta:

- Ahitana hopitaly CSB 2: manana dokotera iray, mpampivelona iray ary ny dispensatrice iray izay iantohan'ny Kaominina.
- SEKOLY: 5 ambaratonga voalohany izay hita isaky ny Fokontany sy 1 ambaratonga faharoa ary sekoly tsy miankina iray ahitana kilasy "maternelle" sy "primaire".
- Herin'aratra avy amin'ny JIRAMA Diégo.
- Tsy latsa-danja ny fisian'ny tora-pasika sy ny ranomasina, malaza eran-tany izay mahasarika ireo mpizahatany maro be toy ny "trois baies" sy " Mer d'Emeraude".

Ny fidiram-bola tena goavana ao amin'ny Kaominina dia ny fasika satria izy no mamatsy an'i Diégo manontolo ankoatry ny hetra azo amin' ny foto-drafitrasa maro: ny trano fandraisam-bahiny, ny fitaovam-pitaterana an-dranomasina izay anisan'ny fampidiran'ny mponina ao an-tanàna.

Fahalemena

Tsy fisian'ny vehivavy anatin'ny rafitra mpanapa-kevitra.

Valin'ny "carte des scores" (KARATRA ISA ANDREFESANA NY MIRALENTA ENY IFOTONY)

Tanjona	**Naoty nomen'ny kaominina (%)**	**Naoty nomen'ny Gender Links (%)**	**Naoty ifanarahana**
Sehatry ny pôlitika	3		
Fitondram-panjakana	3		
Fandraisana anjara	0		
Fandraisana anjaran'ny vahoaka	0		
Fandaharanasa manokana ho an'ny vehivavy sy ny lehilahy	3		
Famatsiana sy fandraharahana	0		
Fiovaovan'ny toetr'andro sy fampandrosoana maharitra	4		

Trano fonenana	4		
Fahadiovana	4		
Fahasalamana	4		
VIH/SIDA	2		
Fandrosoana eo amin'ny fiainam-piaraha-monina	2		
Fampidirana ny resaka Miralenta eo amin'ny fandaharana asa efa ataon'ny Kaominina	11		
Fandraisana mpiasa	4		
Fanofanana ho fandraisana mpiasa	4		
Fiatsarana eo amin'ny asa	4		
Rafim-pitantanana ny miralenta	0		
Fanaraha-maso sy Tombana	0		
TOTALY	**52**		

FANADIHADIANA IFOTONY

SEHATRY NY POLITIKA

Ny Kaominin'ny RAMENA dia tsy mahafantatra ny fisian' ireo fifanarahana atao eto amin'ny firenena na eo amin'ny faritry ny Ranomasimbe Indianina na amin'ny iraisam-pirenena toy ny tamin'ny SADC momba ny miralenta sy fampandrosoana ary ny pôlitika hampitoviana hasina ny lahy sy ny vavy, fa ny resaka ny famahana ny Krizy teto Madagasikara no nahafantarany SADC.

FITONDRAM-PANJAKANA

- **Fitovian'ny isan'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny kaominina**

Fanamarihana

Raha eo amin'ny sehatry ny fanapahan-kevitra dia tsy ahitana vehivavy na eo amin'ny toerana mpanatanteraka na mpanolotsaina.
Eo amin'ny mpiasa ihany no mba nahitana vehivavy maromaro.

Ireo kômity ao amin'ny kaominina

	Lahy	**Vavy**	**Fitambarany**	**% Lahy**	**% Vavy**
Mpanolontsaina	05	0	05	100 %	00%
Fanapan-kevitra	03	0	03	100 %	00%
Mpiasan'ny Kaominina hafa	03	03	06	50 %	50 %
Fitambarany	**11**	**03**	**14**	**78,57 %**	**21,43 %**

- **Fandraisana anjara**

Tsy afaka mandray anjara amin'ny fivorian'ny filan-kevitry ny Kaominina ny vehivavy satria tsy tafiditra anatin'ny fitondrana.

- **Fandraisana anjaran'ny vahoaka**

Mitovy ve ny fandraisana anjaran'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny fivoriam-pokonolona sy ny hetsika samihafa eo an-tanàna?

Efa miezaka mandray anjara amin'ny fivoriam-pokonolona ny vehivavy eto Ramena, raha amin'ny hetsika toy ny fahasalamana, fankalazana ny 08 Mars dia tena mandray anjara ny vehivavy.

DRAFITR'ASA HIASANA

Mbola tsy fantatry ny olona ny fizotrin'ny lamin'asa ao amin'ny Kaominina

FANDAHARANASA MANOKANA HO AN'NY VEHIVAVY SY NY LEHILAHY

- **Fiharian-karena sy famoronana asa**

Misy vehivavy mpandraharaha toy ny fanaovana hotely fisakafoanana, manao massage, manao masonjoany. Efa nanangana fikambanana mba hahafahan'izy ireo manatsara ny asany saingy tsy ara-panjakana izany.

- **Famatsiana**

Anisan'ny Kaominina manana tora-pasika sy moron-dranomasina tsara indrindra ka afaka mandray ireo mpizaha-tany amin'ny fitaterana Andranomasina. Ahitana vehivavy miasa koa eny amin'ny toerana fandraisam-bahiny ireny.

- **Trano fonenana**

Ny kaominina dia manana toro mikasika ny fananan-tany sy fanorenana trano.

- **Kojakojam-piainana andavan'andro**

Raha momba ny fikarakarana ny foto-drafitrasa efa misy dia samy mandray anjara na ny lahy na ny vavy ka amin'ny alalan'ny fikambanana no matetika no manatanateraka izany.

- **Fahasalamana**

Mahazo tombony ny reny sy zaza amin'ny hetsika momba ny fahasalamana rehetra, na hezaky ny fanjakana manokana io, na avy amin'ireo fikambanana tsy miankina toy ny SEECALINE na ONN, UNICEF, CROIX ROUGE,MAHEFA…
NY Kaominina dia nanendry ireo mpanentana ara-pahasalamana isaky ny Fokontany.

- **Fahasalamana sy tontolo iainana sns.**

Mahafantatra ny fiatraikan'ny fiovaovan'ny toe-trandro na ny lahy na vavy. Efa misy koa ny ezaka natao mba hanarenana ny fanimbana ala tafahoatra sy fikajiana ary ny fikojakojana ny sisin-dranomasina niarahana tamin'ireo fikambanana isan-karazany toy ny SAGE, MNP izany.

FAMPIDIRANA NY RESAKA MIRALENTA AMIN'NY FANDAHARANA ASA EFA MISY
Drafitrasa hamongorana ny herisetra sy fananganana ireo Fikambanana miahy ny Miralenta

Mbola tsy misy

FANDRAISANA MPIASA

- **Sivana sy fandraisana mpiasa**

Mitovy ny fandraisana mpiasa ny lahy sy ny vavy ao amin'ny kaominina.

- **Drafitrasa momba ny fandraisana mpiasa**

Mbola tsy manana pôlitika momba ny fandraisana mpiasa ny kaominina

- **Fanofanana ho fanamafisam-pahaizana**

Efa betsaka ny olona mahafantatra momba ny miralenta eo anivon'ny kaominina fa mbola tsy mahafapo ny vokatra azo satria mbola hita fa manjaka ny fiheverana raiki-tapisaka.

- **Fihatsarana eo amin'ny asa**

Tsy hanavahana na lahy na vavy ny resaka karama na ny tombotsoa azo ny mpiasa rehetra eo anivon'ny kaominina satria raha mitovy ny asa dia mitovy koa ny karama**.**

RAFIM-PITANTANANA NY MIRALENTA

- **Teti-bola hampidirana ny miralenta**

Mbola tsy manana teti-bola manokana momba ny miralenta ny kaominina.

- **Tombana**

Ny fomba napetraky ny kaominina momba ny fanarahamaso sy tombana dia ny fiaraha-miasa amin'ny tompon'andraikitra ny Gender Links ihany.

- **Tsanganana pôlitika mahery vaika (Champion du genre)**

Dingana: Faha 2
Firenena: MADAGASIKARA
Toerana:Kaominina RAMENA
Daty: 03 Janoary 2014
FANAMARINAM-PAHATONGAVANA

N°	Anarana sy fanampiny	Lahy (L)/Vavy(V)	Kaominina	Andraikitra	Téléphone	E-mail
1	RAZAFINDRAMANANA Ferdinand	L	CR RAMENA	1er Adjoint au Maire	0324171899	
2	PRUVOT Jean Landry	L	CR RAMENA	S G	0340772802 0327145750	pruvotjeanlandry@yahoo.fr
3	RAMANAMIDONA Benito	L	CR RAMENA	Secrétaire Administratif	0322516096	
4	VELO Hervé Daniel	L	CR RAME NA	Agent Fiscal	0324292648	
5	ANDRIARIMANANA R Rolande Danielle	V	CR RAMENA	Secrétaire d'état civil	0324558013	danielle27@yahoo.fr
6	RAZANANDRASOA Lydia Nirina	V	CR RAMENA	Régisseur	0324005176	
7	SIMONE Juliette	V	CR RAMENA	Balayeur	0325421442	
8	ANTILAHIFENO Bennoît	L	CR RAMENA	2eme Adjoint au Maire	0326334671	
9	MARCEL Manoël	L	CR RAMENA	président conseil de la CIR de Ramena	0325221794	

Tahan'isa lahy sy vavy:

VAVY	3	33,33%
LAHY	6	66,66 %
TOTALINY	**9**	**100 %**